


# VISITE PASTORALE paroisse NOTRE-DAME de L'ASSOMPTION Antsiranana (28-05-16)

## FAMPIANARANA



**Ao anatin'zao famangiana pastoraly izao mamelà ahy hanao fandalinam-pinoana isika, hiainga avy amin'ny soratra masina arosan'ny Eglizy Androany Asabotsy 28 mey 2016**

### *Asabotsy Fahavalo tsotra Mandavan-taona*

#### Taratasy nosoratan'i Md. Joda 1,17.20b-25.

*Fa hianareo kosa, ry malala, dia tsarovy ny teny voalazan'ny Apostolin'i Jesoa-Kristy Tompontsika fahiny, Aoka hianareo, ry malala, hiorina mafy amin'ny fototry ny finoanareo masina indrindra, hivavaka amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, hitahiry tena amin'ny fitiavana an'Andriamanitra, ary hiankina amin'ny famindram-pon'i Jesoa-Kristy Tompontsika, mba hahazo ny fiainana mandrakizay.*

*Amindrao fo ny sasany izay mihanahana; afaho amin'ny afo no famonjy ny sasany; ary ny sasany indray amindrao fo, fa amin-tahotra, ka ankahalao na hatramin'ny akanjo voaloton'ny nofo aza.*

*Ary aoka anie ho an'ilay manam-pahefana hiaro anareo tsy ho lavo, sy hampiseho anareo ho tsy manantsiny amam-peno haravoana eo anatrehan'ny fiandrianany, dia ho an'Andriamanitra tokana Mpamonjy antsika, amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy Tompontsika, ny voninahitra sy ny fiamboniana, ary ny hery sy ny fanjakana, hatrizay hatrizay, sy ankehitriny ary mandrakizay doria. Amena.*

**Evanjely Masin'i Jesoa Kristy nosoratan'i Md. Marka 11,27-33.**

*Dia tonga tany Jerosalema indray izy ireo. Ary raha niasa dia teo anatin'ny tempoly Jesoa, dia nanatona azy ny lohandohan'ny mpisorona sy mpanora-dalàna ary ny loholona, ka nilaza taminy hoe: Fahefana avy aiza no anaovanao izao zavatra izao? Ary aiza no nanome fahefana anao hanao izany?*

*Dia hoy Jesoa taminy: Mba hanontaniako zavatra iray loha koa àry hianareo, ka raha voavalinareo, dia holazaiko aminareo izay fahefana anaovako izao.*

*Avy aiza ny batemin'i Joany, avy any an-danitra sa avy amin'ny olona? Valio aho.*

*Dia nieritreritra izy ireo, ka nanao hoe: Raha valiantsika hoe avy any an-danitra mantsy, dia hataony hoe: Nahoana àry no tsy ninoanareo? Ary raha ataontsika hoe avy amin'ny olona kosa, ny vahoaka indray no atahorantsika; fa ataon'izy rehetra ho mpaminany marina tokoa Joany.*

*Dia izao no navaliny an'i Jesoa: Tsy fantatray. Ary izaho kosa, hoy Jesoa taminy, tsy hilaza aminareo izay fahefana anaovako izao.*

Tsy hoe nofidina amin'izao famangiana pastoraly izao ireo vakiteny ireo kanefa mifanojo tsara amin'izany fitsidihana izany tsy inona fa i Jesoa mampianatra atsika, manoro antsika ny lalan-kombana. Tonga nofo izy dia hanambara izay lalan-kombana izay mba hahazoantsika hasambarana ka hahatonga atsika ho tena zanak'Andriamanitra. Mandavan-taona ny vakiteny ary tian'ny Eglizy halalinintsika ireo vakiteny. Fotoana fandalinam-pinoana ny mandavan-taona. Raha nahatsikaritra ianareo dia i Md Piera no novakiantsika natetika tamin'ny herinandro ity, fohy kely ny taratasin'i Joda apostoly ary androany foana no amakiana azy kanefa ventikevitra sarobidy ary mifanaraka tsara amin'izao famangiana pastoraly izao ary ny Evanjely ao amin'ny Md Marka no tohizantsika ny famakiana azy. Rentsika tsara fa i Jesoa dia nanadio ny tempoly, talohan'izay izy nandalo nahita aviavy tsy mamokatra nefa fantany tsara fa tsy taom-pamoazan'ny aviavy tamin'izay. Dia hoy izy tamin'ny aviavy : Aoka tsy hisy olona hihinana voa aminao intsony mandrakizay. Ireo rehetra ireo no re sy hitan'ny olona fa indrindra ireto olona nanatona an'i Jesoa dia ny mpisorona. Ireo izay mpandalina mahafantatra tsara nilaza sy nahatsapa fa i Jesoa dia to-teny sy manana

fahefana, tsy ilay fahefahana izay mahazatra atsika, manjakazaka na mangeja fa fahefana mahasarika ny maro ka mahatonga atsika hiombona aminy.

Tahaka ny miseho amin'ny fiainantsika andavanandro, diniho ny fahefana izay matetika

mampisy korontana na eo amin'ny sekoly izany, na eo anivon'ny fianakaviana, na ny Ray aman-dReny sy ny zanaka, ny fanjakana, diso ny fandraisana sy ny fazahoana ny dikan'ny fahefana.

*Nanontany an'i Jesoa ny mpisorona satria izy ireo nieritreritra fa amin'ny maha-mpampianatra mpanora-dalàna azy dia manana fahefana, dia nanatona an'i Jesoa izy ireo nanao hoe : "fahefana avy amin'iza , fahefahana avy aiza no asahiana mandroaka ny olona*

**Vakiteny I :** Joda 1,17.20b-25

**Salamo :** Sal. 63

**Evanjely :** Marka 11,27-33

*ato amin'ny tempoly, mandroaka ny demony..?"* Efa zava-dehibe ny fahatsapana an'izany ary izay ny dingana amin'ny finoana. Ny fahafantarana mametraka fanontaniana no dingana lehibe amin'ny fandalinam-pinoana, tokony maro ny fanontaniana mipetraka amintsika na ny ankizy na ny tanora na ny Ray aman-dReny amin'izao fotoana mandavan-taona izao : inona moa izao, inona ny dikan'izao ?

Jesoa tsy te-hamerina na oviana na oviana, eo anivontsika i Jesoa maneho ny fahefany koa izy, fa tsy fahefana manjakazaka na mamotika fa mametraka fanontaniana amintsika izy, ny tadiaviny dia isika hanao dingana. Izany koa no ataontsika amin'izao famangiana pastoraly izao, pantekôty vaovao dia isika manao dingana. Ataontsika izay rehefa manao fiekem-pinoana isika.

*Nametraka fanontaniana tamin'izy ireo i Jesoa* satria iriny tsy misy avakavaka ny fanjakan'Andriamanitra, tiany ho fantatr'izy ireo izy ka nanontany azy ireo *avy amin'iza ny batemin'i Joany ?* fantatr'i Jesoa fa matoky an'i Joany izy ireo satria nataony mpaminany. Isika amin'ny mahavita batemy atsika dia mpaminany koa satria manambara ny sitrak'Andriamanitra fa tsy hoe mpaminany manambara ny hoavy, manambara ny sitrak'Andriamanitra amin'ny mpiara-belona , izay no nataon'i Joany tamin'izany andro izany ary nanambara an'i Jesoa kanefa ireto mpisorona ireto tsy afaka nanao ny dingana dia lasa izy ireo.

Izao tokoa ry Kristianina havana ny fotoana handinihantsika sy ny antony hitrahofantsika amin'ity andro ity mba ho heverintsika fa ho senakla, pantekôty hanaovana dingana fa indrindra ianareo izay handray ny konfirmasio hamafisana an'izany finoana izany. Hankaherezin'Andriamanitra isika hanambara ny finoana ary izao andro iainantsika izao dia mila an'izay fanambarana ny finoana izay.

Ataontsika izay amin'ny fanaovana procession ny sakramenta masina, tsy hoe ho entintsika hireharehavana na ho entintsika hanjakazakana sanatria fa hanambarana fa eo anivontsika Andriamanitra. Raha eo anivontsika Andriamanitra dia miova ny fontsika ary izay no ambaran'i Joda amin'ny vakiteny voalohany ka hoy izy : "Amindrao fo zay mbola misalasala" izany hoe mivavaha ho an'izay misalasala, hoy indray izy " ary ny sasany indray amindrao fo, fa amin-tahotra" izany hoe tereo fa misy loza raha tsy miova, izao ny fotoana fibebahana, ny fananarana ny dikan'izay, io ny fiainantsika. Hoy indray i Joda "Ankahalao izay mandoto ny akanjony" izany hoe ireo mbola varimbariana amin'ny fiainana. Mbola tohizan'i Joda hoe " Mivavaha ho an'ny manam-pahefana mba ho arovany ianareo tsy ho lavo" izay koa no nataon'i Md Piera tamin'ny vakiteny nandritra ny andro maromaro izay mananatra atsika izy amin'ny fiainantsika andavanandro. Io koa no manentana atsika hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Izany koa no irintsika ho vokatry ny famangiana pastoraly izao mba hiroso lalindalina tokoa isika amin'izay fahaizana mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ary dia ankinintsika amin'i Fo Masin'i Jesoa.